



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

I JESOSY, MPANOMPON'NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA
– JESUS, AU SERVICE DU ROYAUME

Alarobia 26 aogositra 2020
Mercredi 26 août 2020

NY TENY NY AMIN'NY MISIONA (Mat. 9, 36 – 10, 8)
– LE DISCOURS MISSIONNAIRE (Mat. 9, 36 – 10, 8)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Cantique) 310, 1 : Misy maro ao an-tsaha mitarina :

1. Misy maro ao an-tsaha mitarina,
Ka ento ny Jiro mba hankao,
Tsy mba misy atoandro na maraina,
Fa maizina re ny ao.
Indro olo-marobe
No maniry mafy hoe :
« Mba midina mankaty »,
Itondray Baiboly re
Izy ireo fa ta-handre
An'i Kristy Tompo soa.

Fiverenana :

« Mandehana », hoy ny Tompo, « mandehana
Ho amin'izao tontolo izao ».
Mitsangàna ary, eny, mitsangàna
Fa Izy no homba anao.

Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 9, 36-38 :

36 Ary nony nahita ny vahoaka i Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry. 37 Dia hoy Izy tamin'ny mpianany : 38 « Be ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy. Koa amin'izany, mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra ».

36 A la vue des foules, Il fut rempli de compassion pour elles, car elles étaient blessées et abattues, comme des brebis qui n'ont pas de berger. 37 Alors Il dit à ses disciples :

38 « La moisson est grande mais il y a peu d'ouvriers. Priez donc le maître de la moisson d'envoyer des ouvriers dans sa moisson ».

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba - *pour notre foyer et notre famille pour que* : hamantatra ny fanavotan'Andriamanitra ny tenany sy ny ankohonany ny tsirairay – *chacun reconnaisse l'œuvre rédemptrice de Dieu pour lui et sa famille*
- ho an'ny Fiangonana mba – *pour l'Eglise pour que* : hiroso amin-kery amin'ny asa misiona mitaona ny olona handray ny fanavotan'Andriamanitra azy ao amin'i Jesosy Kristy ny Fiangonana – *l'Eglise assure avec entrain la mission d'emmener les gens à accueillir l'œuvre rédemptrice de Dieu en Jésus-Christ.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 310, 2 : Misy maro ao an-tsaha mitaraina :

2. Mandehana mba hitarika ny jamba,
Mba ampifalio ny ory fo.
Ny mahantra ilazao fa misy lamba
Tsy miova, tsy mety lo.
I Jeso Mofon'aina soa,
Sady Ranon'aina koa,
Asehoy ho hitany,
Tena Andriamanitra,
Tompo tao an-danitra,
Ambarao ho fantany.

Fiverenana :

*« Mandehana », hoy ny Tompo, « mandehana
Ho amin'izao tontolo izao ».
Mitsangàna ary, eny, mitsangàna
Fa Izy no homba anao.*

Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 10, 1-4 :

1 Ary i Jesosy niantso ny mpianany 12 lahy hankeo Aminy ka nanome azy fahefana hamoaka fanahy maloto sy hahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra. 2 Ary izao no anaran'ny Apostoly 12 lahy : Ny voalohany, i Simona, izay atao hoe Petera, dia i Andrea rahalahiny, i Jakoba zanak'i Zebedio, sy i Jaona rahalahiny, 3 i Filipo sy i Bartolomeo, i Tomasy sy i Matio mpamory hetra, i Jakoba zanak'i Alfeo, 4 sy i Tadeo, i Simona Kananeana ary i Jodasy Iskariota ilay namadika Azy.

1 Puis Jésus appela ses 12 disciples et leur donna le pouvoir de chasser les esprits impurs et de guérir toute maladie et toute infirmité. 2 Voici les noms des 12 apôtres : le premier, Simon appelé Pierre et André son frère, Jacques fils de Zébédée et Jean son frère, 3 Philippe et Barthélémy, Thomas et Matthieu le collecteur d'impôts, Jacques fils d'Alphée et [Lebbée, surnommé] Thaddée, 4 Simon le Cananite et Judas l'Iscaiot celui qui trahit Jésus.

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana mba - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour que :*
 - hanokana fotoana isan'andro hiarahany amin'Andriamanitra Tompo izy : ho sarobidy aminy ary haha-saro-piaro azy izany fotoana izany ka tsy ho voahelingelin'inona na inona – *ils réservent un moment journalier pour être avec le Seigneur Dieu : que ce moment soit un moment privilégié pour lui, qu'il en soit jaloux, que rien ne puisse déranger ce moment*
 - ho vonona handray ny fanavotan'ny Tompo azy izy – *qu'ils soient prêts à accueillir l'œuvre rédemptrice du Seigneur pour lui*
- ho an'ny kristiana mba – *pour les chrétiens pour que :*
 - handamina fotoana hiarahana amin'i Jesosy Tompo isan'andro ny mino – *les fidèles organisent leur emploi du temps journalier pour être avec le Seigneur Jésus*
 - hanaiky ny fandaminana mipetraka amin'ny fanatanterahan'ny fiangonana ny asan'ny Tompo ny kristiana – *les chrétiens acceptent l'organisation mise en place dans et par l'Eglise pour la réalisation des œuvres du seigneur*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Hira (Cantique) 310, 3 : Misy maro ao an-tsaha mitaraina :

3. Mandehana hanatanjaka ny osa,
Omeo toky re ny ketraka.
Ny anjaranao, ataovy ho tontosa,
Ka aza dia reraka,
Mandehana ianao,
Ka vitao ny asanao,
Fa ny tambinao ary,

Mbola any ihany re
Ny handraisan-tamby be,
Dia rehefa tsy ety.

Fiverenana :

« Mandehana », hoy ny Tompo, « mandehana
Ho amin'izao tontolo izao ».
Mitsangàna ary, eny, mitsangàna
Fa Izy no homba anao.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 10, 5-8 :

5 Ireo 12 lahy ireo dia nirahin'i Jesosy ka nodidiany hoe : « Aza mandeha any amin'ny lalan'ny Jentilisa ary aza miakatra amin'izay tanànan'ny Samaritana, 6 fa aleo mankany amin'ny ondry very amin'ny taranak'Isiraely. 7 Ary raha mandeha ianareo dia mitoria hoe : 'Efa mby akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra. 8 Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia : efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana' ».

5 Ce sont les 12 que Jésus envoya, après leur avoir donné les instructions suivantes : « N'allez pas vers les non-Juifs et n'entrez pas dans les villes des Samaritains. 6 Allez plutôt vers les brebis perdues de la communauté d'Israël. 7 En chemin, prêchez en disant : 'Le Royaume des Cieux est proche. 8 Guérissez les malades, [ressuscitez les morts], purifiez les lépreux, chassez les démons : vous avez reçu gratuitement, donnez gratuitement' ».

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny tenantsika mba – *pour nous pour que* : handre ny feon'ny Tompo isika ka hankatoa izay ambaran'ny Teniny – *nous entendons la voix du Seigneur et que nous mettions en pratique ce que sa Parole proclame*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que* :
 - hazoto hitory ny Teny ny amin'ny Fanjakan'ny Lanitra izy – *ils prêchent avec entrain la Parole sur le Royaume des Cieux*
 - hatoky ny fahefan'Andriamanitra izy ka hampaherezin'ny Tompo amin'ny fanatrehany – *fassent confiance au pouvoir de Dieu et qu'ils soient réconfortés par la présence du Seigneur.*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 318, 1-2 : Mandrosoa ry mpanarato :

1. Mandrosoa, ry mpanarato, aza ketraka izao !
Mandrosoa tsy miato, i Jeso re no herinao.

- Ka ny jentilisa maro, havana sy tapaka,
Mba toroy, ampahafantaro, an'ilay Mpanafaka !
2. Mandrosoa, ry mpanarato, miezaha fatratra,
Ka na iza hisahato, aza mba matahotra.
Notolorana adidy ianao, ka miasà !
Na ho mamy na mangidy, aza fay na mba mandà !

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : 2 Tim. 3, 14 – 4, 5 :

14 Fa ianao kosa dia mahareta amin'izay zavatra nianaranao sy nampinoana anao, satria fantatrao izay nampianatra anao izany. 15 Fa hatry ny fony vao zaza ianao dia efa nahalala ny Soratra Masina, izay nampahahendry anao ho amin'ny famonjena amin'ny finoana izay ao amin'i Kristy Jesosy. 16 Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahaso koa ho fampianarana, ho fandresendahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, 17 mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.

14 Quant à toi, tiens ferme dans ce que tu as appris et reconnu comme certain, sachant de qui tu l'as appris. 15 Depuis ton enfance, tu connais les saintes Ecritures qui peuvent te rendre sage en vue du salut par la foi en Jésus-Christ. 16 Toute l'Écriture est inspirée de Dieu et utile pour enseigner, pour convaincre, pour corriger, pour instruire dans la justice, 17 afin que l'homme de Dieu soit formé et équipé pour toute oeuvre bonne.

1 Eo anatrehan'Andriamanitra sy i Kristy Jesosy, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny fisehoany sy ny Fanjakany, no ananarako anao mafy :
2 mitoria ny teny, mazotoa na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra. 3 Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy misy kilema : fa hangidihidy sofina izy, dia hamory mpampianatra ho azy araka ny filany. 4 Ary hampiala ny sofiny amin'ny Teny marina tokoa izy ka hivily ho amin'ny anganongano. 5 Fa ianao kosa mahonona tena amin'ny zavatra rehetra, miareta fahoriana, ataovy ny asan'ny evanjelista, tanteraho ny fanompoanao.

1 [C'est pourquoi] je t'en supplie, devant Dieu et devant [le Seigneur] Jésus-Christ qui doit juger les vivants et les morts au moment de sa venue et de son règne: 2 prêche la parole, insiste en toute occasion, qu'elle soit favorable ou non, réfute, reprends et encourage. Fais tout cela avec une pleine patience et un entier souci d'instruire. 3 En effet, un temps viendra où les hommes ne supporteront pas la saine doctrine. Au contraire, ayant la démangeaison d'entendre des choses agréables, ils se donneront une foule d'enseignants conformes à leurs propres désirs. 4 Ils détourneront l'oreille de la vérité et se tourneront vers les fables. 5 Mais toi, sois sobre en tout, supporte les souffrances, accomplis la tâche d'un évangéliste, remplis bien ton ministère.

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,

Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) 318, 3-4 : Mandrosoa ry mpanarato :

3. Mandrosoa, ry mpanarato, ao an-drano lalina !
Misy ve hitora-bato : anehoy Fitiavana !
Raha kivy ny mpanota noho ny haratsiny,
Ento any Gologota amin'ny Mpamonjiny.
4. Mandrosoa re no baiko izay mifehy ahy izao,
Ka ny tena sy ny aiko : raiso, Tompo, ho Anao !
He, afoiko manontolo izay ananako izao,
Ary raisonao daholo mba ho Voninahitrao !

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Fiangonana (Assemblée) : Isaorana anie Andriamanitra – Nous remercions Dieu. Amen !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.